

# Mompera Amilcare Boccio, apôstôlin’ny famindram-po, mpanorina ny Fikambanan’ny masera Zanakavavikelin’ny Fo Masin’i Jesoa



Mgr. Amilcare Boccio dia teraka tao Sale tamin’ny 12 marsa 1891. Nataon’i mompera vikera Luigi Rivabella batemy ny 19 marsa tao ao amin’ny paroasy Masina Maria sy Md. Siro tao Sale (iray amin’ireo paroasy telo tamin’izany fotoana izany fa nesorina tamin’ny 1937).

Ny rainy Angelo (1868-1918) dia lehilahy malemy fanahy, tony sy be fanantenana, môdely amin’ny faherezana sy fahaiza-miasa. Nanana orin'asa madinika fanefena vy izy; avy aminy no nianaran'i Amilcare ny hafanam-po sy ny fahafoizan-tena noho ny fitiavana.

Ny reniny Giuseppina Pasino (1968-1944), mba hanampiany ny teti-bolan'ny fianakaviany dia nirotsaka niompy landy, vehivavy mahery fo sady hentitra no manana finoana velona sy miredareda. Io reniny io no nampianatra azy “hivavaka mandrakariva”, “ho tia an’Andriamanitra sy ny namana”; avy aminy no nianarany nitoky tamin’ny Fo Masin’i Jesoa sy i Masina Maria ary ny fitsahona ny Sakramenta Masina sy ny fanajana ny pretra.
Toy izao no nambaran'i Don Boccio tao amin'ny taratasy nosoratany (jolay 1939) ho an-ndry masera tamin'ny fankalazana ny tsingerin-taona faha-25 naha-pretra azy: “Natambatry ny Tompo ato amiko ny toetran’ny raiko: malefaka, tony, feno fanantenana; sy ny an'ny reniko: mahery, sahisahy sy tapa-kevitra".

Tamin'ny 9 Janoary 1894 dia teraka i Giovanni rahalahiny, izay tiany fatratra; maty vokatry ny ratra azony nandritra ny ady anefa ity manam-boninahitra be herim-po ity, ny 7 Marsa 1931, ka namela mananotena sy kamboty anankiroa ary i Don Boccio no nanohana akaiky an'ity fianakaviana tra-pahoriana ity, nasehony azy ireo ny fitiavan-dray marina.

Nony feno dimy taona sy tapany i Amilcare (fararano 1896) dia nifindra monina tao Tortona ny fianakaviany. Nanao mpiservy lamesa izay notarihin'i Md. Luigi Orione (1872–1940) tao amin’ny paroasy Masina Misely izy. Ity farany rehefa nitory teny mahakasika an'ny Fo Masin’i Jesoa, miaraka amin'ilay fijery mirehim- pitiavana no sady namerimberina ny hoe: “Noana fanahy sy mangetaheta fitiavana ny Fo Masin'i Jesoa”; ireo teny ireo no namohafoha ny tao am-pon’i Amilcare ny faniriana hamaly avy hatrany ilay



Fitiavana amin'ny fitiavana manao hoe: "Tompo ô, raha mba azoko atao mantsy ny manala ny hetahetanao sy ny hanoananao! "

Tamin'ny 30 May 1898 no nandraisany ny Sakramentan'ny Fankaherezana tamin'i Mgr. Igino Bandi, tao amin'ny Katedralin'ny Tortona. Rehefa sivy taona (taona 1900) izy, dia nanao ny Komonio Voalohany noho ny "fahazoan-dalana manokana" izay voalazany ao amin'ny toriteniny.

Roa taona taorian'izay, tamin'ny 29 Novambra 1902, andro voalohany amin'ny vavaka hasivian'andro ho an'i Masina Maria Imakole tamin'izay, dia nandray ny akanjo maha seminarista azy, teo am-pelatanan'i Don Carlo Milanese tao amin'ny Fiangonana Masina Misely i Amilcare.



Tamin'ny 2 Desambra 1902 izy no niditra tao amin'ny Seminera zandriny Leon XIII, tao Stazzano ary naneho ny "fitiavana an'Andriamanitra sy ny fianarana".

Nianatra tao amin'ny ambaratonga faharoa izy nandritry ny dimy taona (1902–1907), telo taona filozofia (1907–1910). Avy eo dia nanohy nianatra teolojia nandritra ny efatra taona (1910–1914) tao amin'ny Seminera zokiny tao Tortona. Mandritry ny vanim-potoana mafana dia nankany amin'ny sanctuaire ny Fo Masin'i Jesoa izy. Tamin'ny faramparan'io taona io dia lasa mpiandraikitra tao amin'ny seminera izy avy eo mbola lasa lefitry tao ihany.

Tao amin'ny taratasy nosoratany tamin'ny Jolay 1939 no nilazan' i Don Boccio fa fanomezana manokana noraisiny avy amin'ny Fo Masin'i Jesoa ny iraka hataony: "Ny Fo Masin'i Jesoa no nitondra ahy tany Stazzano, ary nanjohy ahy hatrany tamim-pitandremana sy tamin'ny hatsaram-pony, tamin'ny hery sy hatsaram-panahy izay tsy misy afaka mandrefy azy afa-tsy ny Anjeliko; Izany rehetra izany no nahatonga ahy ho mpandresy, tamin'ny fotoan-tsarotry ny fahatanorana ary tsy noho ny fahamendrehako fa noho ny fahasoavan'Andriamanitra, nampiasainy koa ny fitiavako mozika, mba hanintonana ahy tsy hiala amin'ny lalana masiny.

Hatramin'ny 2 Febroary 1911, dia noraisiny tanteraka ho ao am-pony, tamin'ny feo mahery sy fihetsika nanova aho. Ary nanomboka teo dia natolony ahy ireo fahasoavana manokana, nataony ho tonga kely sy madinika mandrakariva aho ary tsapako izao fa manakaiky bebe kokoa azy hatrany aho".



Tamin'ny 2 Febroary 1911, tao amin'ny lasapelin'i Masina Maria Imakole, Seminera zokiny tao Tôrtôna, no nandraisan'i Amilcare ny "fahasoavana lehibe voalohany", amin'ny fiantsoana azy: niaraka "tamin'ny feo mahery sy hetsika mampanova" no nandraisan'i Kristy azy "ao anatin'ny Fony".

"Eny" tsy misy fihambahambahana no nasetriny ary nafoiny ny fankamamiana mozika niaraka tamin'ny teny filamatra hoe: "Enga anie aho tsy ho velona afa-tsy ny ho tia anao sy hampitia anao".
Roa taona tatỳ aoriana, dia toy izao no nosoratany tao amin'ny diariny manokana : "Mbola tsaroako ny andron'ny 2 Febroary 1911... izay nanomezako toky fa hanaraka anao hatrany amin'ny faravazan-tany aho …" (DSp 30 Sept. 1913) Eny, hatramin'ny fahazazako no efa nanintona ahy ny fiainan'ireo martiry , ka nony roapolo taona aho, araka ny ohatra navelan'i Md. Theophan Vénard (1829-1861), dia nofinofiko ny ho tonga misionera any an-tany lavitra. Fotoana nitadiavana sy namakafakana ny fiantsoana azy ireo taona ireo.
tamin'ny taona 1911 io ihany, teo am-pamakiana ny tantaram-piainan'i Terezy avy any Lisieux, (1873-1897) no nandrenesan'ny Ray Mpanorina ny fanasana hanaraka azy ary hitarika ny olona amin'ny lalan'ny fitokisana sy fahatsorana ary fitiavana. Nihamafy tao anatiny ny fitiavana an'ny Fo Masin'i Jesoa, izay nahatsapany ny "fiantsoana azy manokana".

Tamin'ny 16 aogositra 1911, no nampitsimohan'ny Fanahy Masina tao amin'ity seminarista tanora ity ny "eritreritra voalohany momba ny vavaka firaisana amin'Andriamanitra". Nitombo "be" tao aminy ny fitiavana manokana an'ny Fo Masin'i Jesoa ary natombony ny vondrona mpiara-mivavaka vaovao tamin'ny 26 Aogositra 1912, niaraka tamin'ireo seminarista sasantsasany.
Anisan'izany i Mgr Carlo Angeleri, ny eveka Mpanampy tao Tortona, nifanaraka izy ireo fa hanolotra ny vavaka isan'ora amin'ny Fo Masina mandritry ny andro, mba hihazonana hatrany ny fiombonana amin'Andriamanitra, "mba ahafahana mampionona an'ilay Fo iharan'ny fangatsiahana sy tsy fankasitrahana avy amin'ireo kristianina ary ho fanafainganana ny fanorenana ny Fanjakany amin'ny fo rehetra".Tamin'ny 26 aogositra 1912, dia nanomboka niventy ilay vavaka firaisana amin'Andriamanitra ny vondrom-bavaka vaovao. Nirotsaka nanao izany ihany koa ireo seminarista rehefa nahazo ny fankatoavan'ny mpitantana ara-panahy (6 Janoary 1913).

Nandritry ny taona 1913, dia nitalaho tamin'ny Tompo izy mba hanazava sy hanome hery azy any amin'ny toerana izay tiany hitondrana azy, na ho misionera any Inde, na any Chine, na aiza na aiza....ary nampiany hoe: "raha tianao izany".

Tetsy an-danin'izany, tamin'ny 11 Febroary 1913, nandritra ny laretirety, i Mompera Rossi dia nanamafy tamin'i Amilcare ny fiantsoana azy ho pretra, ka ny 26 aprily dia nifidy an'i Mb Terezy kely ho olomasina mpiaro manokana izy ary nandray azy ho toy ny anabaviny. Nanomboka teo dia nahatsapa ho voaantso hanokana tanteraka ny tenany ho an'ny Fo Masina.

Tamin'ny 2 Janoary 1914, dia niditra ho Tersiera Fransiskana i Amilcare.Tamin'ny 18 Janoary, taorian'ny volana maromaro naha miaramila azy (jolay–desambra 1913), raha mbola nipetraka tao amin'ny Toby miaramila Tortona sy Voghera, dia nahazo alalana avy amin'ny lehiben'ny toby mba hangataka amin'ny eveka ny hanamasinana azy ho pretra.



Nandray ny filaharana maha-diakra izy tamin'ny 28 Marsa 1914, tamin'izay no nanokanany tanteraka ny tenany ho an'ny Tompo. Tamin'ny 6 Jiona, tao amin'ny lasapelin'ny eveka no nanamasinana azy ho diakra.Tamin'ny 5 Jolay 1914, fiafaran'ny fitantanan'i Mgr. Igino Bandi (1847-1914) no nohamasinin'ny eveka mpanampy Mgr. Pietro Andrea Viganó (1858-1921) ho pretra i Amilcare, tao amin'ny Fiangonana Md Simone tao Tortona.

Tamin'ny taona 1914-1915 izy dia nijanona tao amin'ny trano fonenan'ny pretra tao Tortona, trano naorin'ny Mgr. Igino Bandi ho fanatsarana ny fiofanan'ny pretra tanora sy ho trano fialan-tsasatry ny pretra zokiolona; afaka nanaraka ny fianarana momba ny dogmatika sy ny moraly izy. Rehefa nipoaka ny ady lehibe voalohany dia voaantso ho miaramila avy hatrany ity pretra tanora ity.

Fetin'ny Pantekoty 23 may 1915 tamin'izay. Ny ampitson'io, fetin'i Masina Maria Auxiliatrice dia nankao amin'ny hopitalin'ny miaramila tao Alessandria izy, ny 2 jiona dia niainga niaraka tamin'ireo miaramila tao amin'ny hopitaly n°15 izy mba hizotra ho any Udine.

Nandritry ady lehibe voalohany 1915-1918, i Don Amilcare dia voatendry ho mpiandraikitra (aumonier) an'ireo miaramila Alpini. Nanehoany ny finoana velona sy marina.  Nampitainy tamin'ireo miaramila ireo ny fitokisana sy herim-po ka gaga izy ireo. Nanaja sy nitia azy ireo manamboninahitra sy miaramila ary niteny matetika taminy hoe: "Kapelano, ndao hiaraka aminay satria raha tsy misy anao dia ho faty izahay".

“Nanao ny ainy tsy ho zavatra nanoloana ny loza sy ny aro-loza izy ary lohalaharana mandrakariva izy amin'ny fiatrehana ny tranga-javatra rehetra, nitondra teny fankaherezana, teny feno finoana izy, indrindra rehefa amin'ny toerana misy ady mafana vay, mamparisika ireo miaramila tamin'ny alalan'ny ohatra sy ny herim-pony izy” izany no anisan'ny antony nanomezana azy mari-boninahitra roa dia ny lakroan'ny ady sy ny medaly volafotsy, noho ny herim-po ara-miaramila nananany. Tamin’ny 12 Desambra 1917 dia naratra mafy izy ary nentina tany amin’ny hopitaly tao Busto Arsizio (MI), avy eo tany Santa Corona, Milano.

Tamin’ny 4 Janoary 1918, nandritra ny fakany aina tao Busto Arsizio (Milano), raha nifantoka tamin’ny fivavahana iny mompera dia nahita ilay “fahazavana lehibe voalohany”: fanirian’ny Fo Masin’i Jesoa ho an’izao androntsika izao ny isian'ny “olona malala-tanana”, izay hiara-miasa amin’ny fanorenana ny fanjakan’ny famindram-pony. Antso mba hanaparitahana ilay “**vavaka firaisana amin’Andriamanitra**” amin'ireo voatokana sy ho an'reo lahika sady ho fanorenana tamba-jotram- piombonana.

Tamin’io Zoma voalohany io dia ,nozarain’i Mompera tamin’ireo “Soeurs du Charité” tao amin’ny hopitaly Busto Arsizio ny “vavaka firaisana amin’Andriamanitra”. Nanoratra ho an’i **Guglielmina Remotti** izy ny andro manaraka, nilaza taminy ny faniriany sy fangatahana azy ho mpanohana mafana fo amin'ny “apostola vaovaon’ny fiantrana ara-panahy”.

Tamin’izy nafindra tao amin’ny hopitaly “Santa Corona” tany Milano, tao anatin’ny hafoloan’andro voalohan’ny Febroary, dia namerina namaky ny tantaram-piainan’ilay fanahy iray izy ary tamin’izany no nananany “hevitra mazava” mikasika ny Fikambanana.
Hitan’i Don Amilcare ao amin’ny fanoloran-tenan’i **Terezin’i Jesoa Zazakely**, ho “sorona dorana amin’ny Fitiavana be indrafon’Ilay Andriamanitra soa indrindra” ny famantarana mampiavaka ny Fikambanana vaovao. Noho izany dia noraisina ho:”mpanilo ny Fikambanana” sy zoky rahavavy voalohany” ilay mpampianatra ny “lalan-kely”.

Tamin’ny 23 Febroary 1918, dia nankatoavin’i Mgr. Simon Pietro Grassi, evekan’i Tortona, ny Fikambanana vaovao. Tamin’ny 7 Janoary 1920, tamin’ny famoahana voalohany ny bokikely “vavaka firaisana amin’Andriamanitra sy vavaka ho an’ny fandresen’ny Fo Masin’i Jesoa” dia nohamafisin’ny eveka tamin’ny teny hoe: “Enga anie ka hitombo isa ireo mpikambana amin’ity vondrona manao ny vavaka firaisana amin'Andriamanitra ity ary hihamafy mandrakariva ny toe-panahy feno finoana, fitiavana ary fanetrentena izay tsiambaratelon'ny fahavokarana sy ny faharetana tsara amin'izay rehetra natomboka…” Niitatra hatrany Piemonte, Lombardia, Emilia, Veneto, Liguria ary Toscana ilay vavaka.

Tamin’ny 1 Martsa 1918, taorian’ny fandidiana azy dia maty tao amin’ny hopitalin'ny Tortona ny rainy, Angelo, dimampolo taona monja. Afaka nanatrika azy tamin'ireo andro farany niainany ireo i Don Amilcare ary izy ihany aza no nanome azy ny Sakramenta fanosorana farany.

Tamin’ny 6 Aogositra 1918, raha niverina tamin'ny ady tany amin’ny faritra Tonale, dia nanavao ny fanolorana tanteraka ny ainy indray ilay pretra tanora: “ Afoiko an-tsitrapo ny aiko raha indray andro any tsy natao an-tsitra-po ho anao irery izany ... Eny... maniry ny ho velona aho aorian’ny ady, satria toa mahita ny tenako any amin'ny toerana mitokana kokoa aho... satria heveriko fa afaka manao soa ho an'ny fanahy aho... raha izany no ho tanteraka dia vonjeo aho, raha sitrakao, Tompo ô, raha tsy izany, ampionòny ilay reniko ao anaty fahoriana lalina…”

Tamin’ny Oktobra 1918, dia nihaona tamin’i Md Luigi Orione, i don Amilcare, nahazo famporisihina amin'ny fananganana Fikambanana ho an’ny Fo Masina.
Nitsahatra ny ady, tamin’ny 1919, pretra tanora, vao 28 taona monja i Don Boccio tamin'izay no nanankinan'ny eveka ny fitantanana ara-panahy tao amin’ny seminera zandriny Léon XIII tao Stazzano, namela azy hanana fotoana lava hivavahana sy handinihana ity andraikitra tao amin’ny sanctuaire ny Fo Masin’i Jesoa ity, ary nataony tamim-pitiavan-dreny sy tamin’ny fikolokoloana fatratra tokoa.

Tamin’ny alin'ny 2 ka hatramin’ny 3 Febroary 1922 (Zoma voalohany), dia nanonofy i Amilcare hoe: ho avy ny vanim-potoana feno fahamarinana, fitiavana, fiadanana. Resy lahatra izy fa ho tonga ny Fanjakan’ny Fitiavana, nomanin’i Masina Maria, “ilay fotoana iposahan'ny fiandohan'ny vanim-potoana VAOVAON’ny Famindrampon’Andriamanitra”.

Tamin’ny Septambra 1922 dia nandeha tany Roma i don Boccio, ilay ho Mpanorina, mba hangataka fankatoavana sy fahazoana indolzansy ho an’ilay “vavaka firaisana amin’Andriamanitra”. Nivahiny tany amin'ny sanctuaire Masina Maria Renin’ny Torohevitra tsara tao Genazzano izy ka rehefa avy nitalaho sy nampanantena fa hanaja azy manokana, ny 12 septambra dia nandeha nihaona tamin’i Papa Pio XI (1922-1939) izy ary nahazo tso-drano manokana ho an’ireo “fikasany” ireo.
Ny fankatoavana an-tsoratra ny Fikambanana kosa dia mitondra ny datin'ny 27 Septambra 1922, izay nanehoan’ny Papa ny fankasitrahany noho ity firoboroboana vaovao ho an'ny fitiavana sy fanajana ny Fo Masina maha te ho tia ity. Narahany firariana hafaliana sy vokatsoa maro izany.

Tamin'ny 6 Jolay 1923, dia maty i Giacomo Remotti, rain'i Guglielmina. Noho ny hatsarapanahin'i mama Margherita Massardo dia nomeny hipetrahan'ireo tovovavy voalohany mikasa hanokan-tena ho an'ny Fo Masin'i Jesoa ny tranony tao amin'ny Via Carlo Giacobini, tao Sale.

Teo anelanelan'ny 16 Novambra ka hatramin'ny 5 Desambra 1923, dia nanoratra ireo fitsipika ankapobeny i Don Amilcare izay "Fitsipi-piainana fototra" ho an'ireo "fanahy ho sorom-pitiavana", mba ho an'ny fandresen'ny Fo Masin'i Jesoa. Natolony an'ny evekany Mgr. Simon Pietro Grassi izany. Tamin'ny 28 Janoary 1924 dia naverin'ny eveka taminy ireo rijantenin'ny "Fitsipi-piainana fototra" izay nampanarahany taratasim-panamarihana antsoratra "rescrit". Tamin'io no nanomboka niorina ofisialy ny Fikambanan'ny masera Zanakavavikelin'ny Fo Masin'i Jesoa.

Ny 25 marzo 1924, Fankalazana manetriketrika ny Filazana no nanorenan'i Don Amilcare ny fikambanana vaovao.Teo anatrehan'ny Sakramenta Masina ireo tanora efatra voalohany no nanonona ny voadin'ny fahadiovana, fanekena ary ny fanokanan-tena manokana amin'i Fo Masin'i Jesoa mba ho tonga haingana ny fandreseny sy ny fanomezana ny tokimpahantrana izay navaozina indray ny zoma voalohan'ny volana may; ary avy eo dia natao isaky ny Zoma voalohany mandritry ny fotoana maha novisy.
Nanotrona izany ny pretra tompon'andraikitra tao amin'ny fiangonan'i Md Calocero, Don Giuseppe Teologo Rognoni ary Don Luigi Boveri, izay efa mpanao soa ny Fikambanana. Nandray fitenenana i Don Amilcare, ray mpiandraikitra sady mpanorina ny Fikambanana, nambarany ny tanjon'ity Fikambanana kely ity, ilaina hoy izy ny fahaizana mihafy, ny fanoloran-tena an-tsitra-po mba hampisy vokany ny famaliana ny antso ary tsy isalasalana ny safidy sy ny fitiavan'Andriamanitra manokana izay nampanantena vokatra zato heny sy fanomezana tsara indrindra. Nofaranany tamin'ny firariantsoa ny teniny ka hoy: "ho tonga haingana anie ny fandren'ny Fo Masin'i Jesoa".

Tamin'ny 24 Jona 1924, dia nankalaza ny Sorona Masina voalohany tao amin'ny lasapelin'ny Fikambanana i Don Amilcare. Tamin'io andro io ihany tao amin'ny sanctuaire Fo Masina tao Stazzano no namoahana ny gazety boky natonta voalohany momba an'ny Fo Masin'i Jesoa "Bollettino del Sacro Cuore", io no fitaovana hanamora ny fampahalalana ny vavaka firaisana amin'Andriamanitra. Izy ihany no tale tompon'andraikitry ity gazety ity, natsahatra anefa izany tamin'ny 1933; nanjohy azy hatrany anefa ny faniriana hanohy azy indray amin'ny fomba mahomby kokoa..
Tamin'ny 18 Novambra 1924, dia tapa-kevitra hanokana ny tenany manontolo, ho "sorompitiavana" ho fandresen'ny Fitiavana be indrafon'ny Fo Eokaristikan'i Jesoa, izy fito

mirahavavy voalohany, teo anatrehan’i Don Amilcare sy ireo pretra hafa no nandraisan'izy ireo ny akanjo maha-relijiozy sy nanaovany ny voady voalohany.

Tamin’ny 15 Aogositra 1929, fankalazana ny Fampakarana an’i Maria any an-danitra, no nametrahan' i Don Amilcare ny Sakramenta Masina tao amin'ny trano vaovao izay trano foiben'ny Fikambanana ankehitriny. Efa nifindra tao ny andro mialoha ireo masera.

Tamin’ny fankalazana manetriketrika ny Filazana, 9 Aprily 1934, hafaliana lehibe ny an'ny mpanorina tamin'ny nahazoana ny fankatoavan'ny Diosezy an'ity Fikambanana vaovao ity. I Mgr. Giuseppe Roveda, Vikera Moniala, no namaky ny taratasy avy amin'ny eveka izay mirakitra ny didy hitsivolana fankatoavana ny fijoroan'ny Fikambanana sy ny fanovana ilay anarana nisalorana teo aloha araka ny efa voalazan'ny Mpanorina mialoha. Ka nandraisana ny anarana hoe: Zanakavavikelin’ny Fo Masin’i Jesoa.

Tamin’ny 22 Mey 1934, dia noraisin’i Don Amilcare, amin’ny maha-pisolotenan'ny eveka azy, ny voady mandrakizay nataon’i Mamera Guglielmina sy ireo Masera sivy ambin’ny folo hafa. Tamin’ny 31 Oktobra 1934, dia nodimandry ilay eveka nifankahazo taminy, Mgr. Simon Pietro Grassi.Tamin’ny 28 Desambra 1934, dia nankany Nôla i Don Amilcare, araka ny fanasan’i Mgr. Egisto Domenico Melchiori, evekan’i Nôla izay voatendry ho evekan’i Tortona. Tamin’ny 2 Janoary 1935, dia niverina izy nitondra ny fanirian’ilay eveka ny hanambatra ireo Masera tao Nôla amin’ny Fikambanan-drelijiozy vaovao nioriny tao Sale. Ny 5 Febroary 1935 dia niverina indray tany Nola I Don Amilcare, andro nandraisan’ireo masera, eninambinifolo mirahavavy, avy any Nôla ny akanjon-drelijiozy sy nanaovan'izy ireo ny voady tamin'io.

Tamin’ny 6 Martsa 1935, fankalazana an’i Md Marziano izay mpiaro manokana ny Fiangonana katedralin'ny Tortona no niditra ofisialy tao amin’ny diosezy i Mgr. Egisto Domenico Melchiori. Ny 3 Aogositra 1935 dia nampadraiketan'ny eveka an’i Don Amilcare ireto andraikitra vaovao ireto: lehiben’ny sekolin'ny Fiangonana, mpampianatra an'ireo pretra vao nohamasinina, mpiandraikitra mpanampy ny tanora sy ny lehilahy katolika ao amin’ny diosezy.

Taorian’ny 16 taona niasany tao amin’ny seminera tao Stazzano, tamin’ny 10 Aogositra 1935, teo amin'ny faha- 44 taonany no nanombohany niasa tao Tortona. Tamin’ny 27 Mey 1936, dia votendry ho mpampikonfesy tao amin’ny Katedraly izy ary afaka iray volana sy tapany taty aoriana, 11 Jolay no nanatontosana ny lanonana fametrahana azy amin’izany andraikitra izany. Tamin’ny Desambra 1936, tratry ny aretina tao amin’ny taovam-

pisefoana izy ary nandray ny Sakramentan'ny Fanosorana marary, naiditra hopitaly tao Tortona, avy eo dia naka aina nandritra ny 8 volana tany Castelnuovo ne' Monti (RE).
Tamin'ny 22 Oktobra 1937 vao tafaverina soa aman-tsara tamin'ny asany tao amin'ny diosezy izy.

Tamin'ny 8 Martsa 1944, dia nodimandry ny reniny, Giuseppina, notronon'ilay zanany malalany, niaraka tamin'ny zafikeliny, Don Gabriele, pretra vao noamasinina volana vitsy lasa.

Tamin'ny 1946, rehefa nitsahatra ny ady lehibe faharoa, dia nangataka tamin'ny eveka i Don Amilcare mba ho afaka hanokana ny tenany tanteraka ho amin'ny Fikambanana izay naoriny, ara-drariny ny faneken'ny eveka izany fangatahany izany, fa ireo asa nankinin'ny diosezy taminy dia notanterahany tsara, tamin'ny fanomezana ohatra sy tamin-katsaram-panahy". Niatahany anefa izany asa izany noho izy nahatsiaro ho voaantso hamelona indray ilay tsimoka voalohany tamin'ny taona roapolo, izany hoe ny "sampana pretra" amin'ilay fikambanana naoriny.
Efa tamin'ny 1941, nandritra ny laretirety nataony no nanoratany hoe: "Hevitra sy fanapahan-kevitra ho an'ny lalàm-panorenana". Ny taona manaraka dia nanomboka nanoratra sy namolavola ity "lalàna fototra" ho an'ny "Societas Apostolica Divini Cordis Jesu" ity izy. Nahavory pretra vitsivitsy izany fikasany izany, fa taty aoriana dia nijanona ho vinavina tao am-po sy an-taratasy fotsiny ihany izany fa tsy nitohy.

Tamin'ny 17 Jolay 1950, dia nahazo anaram-boninahitra hoe "Monseigneur" izy, ho fankasitrahana ny fiainany maha-pretra tsara azy, ny fahalalahan-tanany ary ny fanompoana nataony ho an'ny Seminera sy ny Diosezy. Tamin'ny 1 Novambra 1950, dia hafaliana tokoa ny an' i Don Amilcare tany Roma raha nanatrika ny lanonana ofisialy nanambarana ny dogma momba ny Fiakaran'i Masina Maria any an-danitra. Nino izy fa io no fiposahan'ny "andro vaovao, vanim-potoanan'ny famindram-po, izay tiany ho resahina ombieny.

Tamin'ny 21 Febroary 1956 no navoakan'ny Fiketrahana Masina ny Didy hitsivolana fiderana "Decretum Laudis" ho an'ny Fikambanan'ny Zanakavavikelin'ny Fo Masin'i Jesoa.

Tamin'ny 3 Septambra 1958, i Mgr. Carlo Ferrari, evekan'i Monopoli, dia voatendry ho mpisolotena apostolika ho an'ny Fikambanana, ny 11 septembre 1958, araka ny voalazan'i don Amilcare dia fanombohan'ireo "fijaliana lehibe" nianjady taminy, ny roa taona farany niainany, dia nanao apostola niafina izay nitera-bokatsoa noho ny fijaliana niaretany.



Tamin'ny Talata 15 Novambra 1960, tamin'ny efatra ora latsaka fahefany, teo amin'ny lalana manelanelana an'i Alessandria sy Tortona, akaikin'i Torregarofoli, dia tratry lozam-pifamoivoizana i Don Amilcare. Ny fiara Fiat 600 nentiny no nifandona tamin'ny kamio nifanena taminy. Mbola velona izy no nesorina tao anatin'ny fiarany izay efa potika ka nalefa haingana tao amin'ny Hopitaly Sivily tao Tortona izy, na dia nanao izay tratry ny heriny aza ny mpitsabo dia tsy tana ny ainy, ka nodimandry izy tamin'ny efatra sy sasany tolak'andro.Tamin'ny segondra vitsy mbola nahatsiarovany tena, raha nanome ny Sakramentan'ny fanosorana farany azy i Mons. Lorenzo Ferrarazzo, dia niteny moramora izy hoe: "Jesoa ô, mamindrà fo!" – izay no teny farany nolazainy dia niala aina izy. Noraisin'ilay Ray teo an-tsandriny any amin'ny mandrakizay izy.

Nitoreo ny feon'ny lakolosin'ny Katedraly tao Tortona, izany no fanairana voalohany nanambarana ofisialy ny tao an-tanàna sy ny diosezy momba ny fahafatesana mahahontsa nahazo an'i Don Amilcare Boccio. Ny afisy filazana manjo dia tazana avy hatrany teny an-dalan'ny tanàna, nampihetsim-po ny famakiana an'izany satria taratry ny tsy fivadihany tamin'ny Tompony izay nitsena azy teny an-dalana, tamin'ity fihaonany tamin'ny Tompo ity, dia pretra marobe no nanotrona azy, ireo namany sy ireo relijiozy maro izay notiaviny sy notsimbininy nandritra ny fiainany tety an-tany.

Niely haingana be tamin'ny gazety ity vaovao mampalahelo ity, vahoaka maro ny nitanjozotra nankany Sale, tao amin'ny Institut du Sacré-Cœur dia efa nisy efitrano lehibe efa natokana hametrahana ilay vatana mangatsiaka. Nanao tohivakana, mandrapaharivan'ny andro ny mpamangy, pelerinazy nampihetsim-po, feno anarana isan-karazany ilay boky volamena, hita tao avokoa ny sokajy ara-tsosialy rehetra avy any amin'ny faritra teo amin'ny diosezy, avy any amin'ny toerana tsy tambo isaina, eny fa na dia lavitra aza.

Tamin'ny marainan'ny Alakamisy 17 Novambra 1960, dia natao ny fanaovam-beloma farany azy. Vahoaka nifanitsa-kitro nanjombona toy ny tao anaty zavona matevina ny tanànan'ny Sale, tonga antsitra-po mba hanao veloma farany ny nofo mangatsikan'i don Boccio.

Nisongadina tamin'ny "chasuble" miloko mainty sy "mitre" miloko fotsy i Mgr. Angeleri, niaraka tamin'ny eveka mpanampy azy izay nialoha lalana ny razana nolanjain'ireo pretra.
Miisa roanjato teo ho eo ny pretra, mihoatra ny telonjato ny "Zanakavavikelin'ny Fo Masin'i Jesoa", ary maherin'ny arivo ny olona tonga nanome voninahitra sy nanao veloma farany an'i Don Amilcare. Nanjary vavaka iraisan'ny vahoaka manontolo tao anaty fifankatiavana sy fifanajana ilay fandevenana azy. I Mgr. Egisto Melchiori, evekan'i Tortona dia tsy afaka nanatrika io fandevenana io noho ny toe-pahasalamany, ka nandefa ny fiaraha-miory an-tsoratra tamin'ny zafikelin'i Don Amilcare, antsoina hoe Don Gabriele manao hoe: "Rehefa nijaly mafy izy, dia nindaosin'ny fahafatesana tampoka" (16.11.1960).



Ny Asabotsy 17 Novambra 2007 dia lasa andro mendrika ho tsaroana ho an'ny Fikambanan'ny masera Zanakavavikelin'ny Fo Masin'i Jesoa. Tamin'ny fomba nanetriketrika sy nampihetsim-po lalina, tamin'ilay maraina nanjombon-danitra, volana novambra, tamin'io andro io no nandraisana tao amin'ny lasapelin'ny trano foibe ny taolambalon'i Mgr. Amilcare Boccio sy Mamera Guglielmina Remotti. Ary avy eo araka ny efa nomanina dia nasitrika tao amin'ny lasapelin'i Masina Maria izay mifanila amin'ilay lasapely lehibe.
Nitarika ny lanonana tamin'izany i Mgr. Martino Canessa, evekan'i Tortona, notronin'ireo Masera sy ny fikambanan'ny antoko mpiady an-tendrombohitra (Alpini) ary ireo vahoaka maro avy ao an-tanànan'ny Sale.